


**Harry Laurent Rahajason na koa Rolly Mercia, mpanao gazety teo aloha mpikaraman'ady politika tsy azo alain-tahaka ry tanora malagasy mpanao gazety amin'izao sy mbola ho avy**

Taorian'ny fanambarana nataon'ireo Filoha lefitry ny Holafitry ny Mpanao gazety eto Madagasikara (OJM), ny 8 Novambra 2017, dia naneho ny heviny ihany koa ny mpanao gazety zokiolona mivondrona ao amin'ny Fikambananan'ny Mpanao Gazety Zokiolona na CJD (*Club des Journalistes Doyens*
),
mikasika ny voamiera miandraikitra ny fanomezana karatra ho an'ny Mpanao Gazety.

Ity manaraka ity ary ny fanambarana nataon'ny Komity foibe Mpanatanteraka CJD.

**Jeannot Ramambazafy**

**************



**CJD**
Club des Journalistes Doyens
Fikambanan'ny Mpamao Gazety Zokiolona
Lot IVP 55 Antsalovana Antohomadinika-
Tel :032 68 169 29

*FANAMBARANA*

Manoloana ny fanapahan-kevitra samirery noraisin'ny Minisitry ny serasera sy ny fifandraisana amin'ny Andrimpanjaka(MCRI) hanangana ny vaomiera miandraikitra ny fanomezana karatra ho an'ny Mpanao Gazety, dia manao izao fanambarana izao ny Fikambanan'ny Mpanao Gazety Zokiolana (CJD) :

–Solontenan'ny Minisitra sy solontenan'ny Mpanao Gazety ary solontenan'ny Tompon-gazety no mandrafitra io vaomera io raha araka ny voafaritry ny andininy faha -55 ao amin'ny làlana N°2016-029 momba ny fitsipika mifehy ny serasera amin'ny haino Amanjery (code de comminication mediactisée) ,araka izany dia fihaonamben'ny mpanao gazety ihany no hanendry izay ho solontenany ao anatin'io vaomera io fa tsy olona tendren'ny Minisitra ,ary ny samy tompon-gazety koa no tokony hanendry ny solon-tenany ao anatin'izany

–Izay voafaritry ny lalana manan-kery ihany no tokony andraikitry ny Minisitra amin'ny fananganana io vaomera io, dia manendry ny solontenany sy mamoaka ny didim-pitondrana momba izany .

Manao izao fanambarana izao ny Fikambanan'ny Mpanao Gazety Zokiolona (CJD)mba hisorohana ny disadisa sy ny fizarazarana mety miharihary eo amin'ny firaisan'asan'ireo mpanao gazety malagasy ,ary tsy hampitondra henatra azy eo amin'ny sehatra iraisam-pirenena

Natao teto Antananarivo, Androany faha 28 novambra 2017

Ny komity Foibe mpanatanteraka CJD

Ny Filoha

Solo Norbert Andriamorasata



******************



Mpanao gazety zokiolona INONA NO VAOVAO 30/11/2017

**Mitsipaka ny fanapahan - kevitra samy irery nataon ' ny Minisitry ny Serasera**

Manoloana ny fanapahan - kevitra samy irery noraisin' ny Minisitry ny Serasera sy ny fifandraisana amin' ny Andrimpanjakana [ Mcri] amin' ny fananganana ny vaomiera miandraikitra ny fanomezana karatra ho an' ny mpanao gazety, dia nisy ny fanambarana navoakan' ... zokiolona na [Cjd]. Voarakitra ao anatin' ny fanambarana ny hoe « solontenan' ny Minisitra, sy solontenan' ny mpanao gazety ary solontenan' ny tompona gazety no mandrafitra io vaomiera io raha araka ny voafaritry ny andininy faha - 55 ao amin' ny lalàna laharana ... mifehy ny serasera amin' ny haino aman - jery [ code de communication médiatisée], araka ny izany dia fihaonamben' ny mpanao gazety ihany no hanendry izay ho solontenany ao anatin' io vaomiera io fa tsy olona tendren' ny Minisitra, ary samy tompon - ... solontenany ao anatin' izany ». Voalaza ihany koa fa « izay voafaritry ny lalàna manan - kery ihany no tokony ho andraikitry ny Minisitra amin' ny fananganana io vaomiera io, dia manendry ny solontenany sy mamoaka ny didim - pitondrana momba izany ». Mba hisorohana ny ... miharihary eo amin' ny firaisan' asan' ireo mpanao gazety malagasy ary tsy hampitondra henatra azy eo amin' ny sehatra iraisampirenena no voalaza fa antony nanaovan' ny fikambanan' ny mpanao gazety zokiolona ny fanambarana.

[**TSINDRIO ETO RAHA TSY MAHITA TSARA IANAO**]